# Ilay Voa Tsara Nafafy 19 Septambra 2018

# 19 Alarobia septambra

**Ary hoy ny Tompo : Ry Simona, ry Simona, indro, Satana efa nilofo nitady anareo hokororohiny toy ny vary. Nefa Izaho nangataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao.** Lioka 22. 31, 32

**Miambena : fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha... ; tohero izy, ka miorena tsara amin'ny finoana ianareo.** 1 Petera 5. 8, 9

## Vonjeo, fa tafio-drivotra !

Io maraina io dia naharesy ny tenany i Lova, tany am-pianarana : ela ny ela ka tapa-kevitra izy hanambara amin'ireo namany fa kristiana. Dia nisy adihevitra nanaraka izany, ny sasany moa naneso, nilaza fa tsy mino.

Rehefa niverina tany an'efitranony i Lova, hanomboka hianatra, dia injay nisy fisalasalana tafiditra tao anatiny : „Tena matoky ny tenanao tokoa ve ianao ? Ary raha mba marina moa ny an' ireo namana ireo ? Tena mitombina ny hevitra nalahatr'izy ireo an !" Tsitapitapitrizay dia nisy tafio-drivotra mahery vaika tao an-tsain'i Lova. Nanjary nahazo hery tampoka ny hevitr'ireo namany. Tsy hitan'i Lova intsony izay hasiana ny tenany, tsy natoky na inona na inona intsony izy...

Fa inona no nitranga ? Efa nanapa-kevitra mazava ho kristiana i Lova, ka namely azy tamin'ny „zana-tsipìka mirehitra" i Satana (Efesiana 6. 16), mba hanozongozona ny finoana vao nitsiry tao amin'i Lova. Naharitra herinandro vitsivitsy izany fotoan-tsarotra izany. Namaky tsy tapaka ny Baiboly i Lova, nambarany tamin'Andriamanitra ny fahoriany... Ary tsikelikely teny dia nitony ilay tafio-drivotra teo (Salamo 107. 28-30). Nahazo lesona roa lehibe i Lova : ny fahosany tanteraka manoloana an'i Satana, ary ny hery tsy hay tohaina ananan'ny Tenin'Andriamanitra. „Voasoratra hoe" : izany no hany teny mampandositra an'i Satana.

Taorianan'izany i Lova dia nifanena tamina tanora kristiana hafa, tojo fahasahiranana toy ny azy. Nahatakatra ny nanjo azy ireo i Lova, ary afaka nampahery azy, satria nampian'Andriamanitra.

Ry kristiana namana, aza kivy ianao raha sendra mandalo fotoan-tsarotra toy izany koa. Tian'ny Tompo hampiasaina izany, mba hampianarany anao sy hanatanjahany ny finoanao. Ary any aoriana any dia ho afaka miteny aminao Izy, toy ny nataony tamin'i Simona, hoe : „Ampaherezo ireo rahalahinao" (Lioka 22. 32).